TOEKARENA SY FITANTANAM-BOLA
ECONOMIE et FINANCES Newsletter
MADAGASIKARA
25 AOUT 2025



45è Sommet des Chefs d'État et de Gouvernement de la SADC

# Andry RAJOELINA, Président de la République de Madagascar et Président de la SADC, militant pour une Afrique Australe unie, intégrée et prospère




# Madagascar aux commandes de la SADC



**Antananarivo a vibré au rythme du 45è Sommet de la SADC, réunissant Chefs d'État, Ministres et partenaires internationaux.**

Le 17 août 2025, le Président Andry Rajoelina a officiellement pris la présidence de l'organisation régionale pour la période 2025-2026.

Durant deux semaines, la capitale a accueilli réunions techniques, expositions, événements publics et grandes cérémonies.

En amont du Sommet des Chefs d'Etat, plusieurs comités spécialisés se sont réunis à Antananarivo : le Comité des hauts fonctionnaires, le Comité des finances et des investissements, ou encore le Conseil des ministres. Ces travaux ont permis de préciser les priorités régionales - financement, intégration économique, transition énergétique - et d'assurer la cohérence des décisions adoptées au plus haut niveau.

Divers Etats membres ont ainsi signé des instruments juridiques qui contribueront au processus d'intégration regionale, de paix et de développement durable. Pour Madagascar, ce fut l'accord de reconnnaissance officiel du Parlement de la SADC ainsi que le protocole sur l'emploi et le travail qui ont été signés.



***Fihaonana an-tampony SADC : Tsy nitsanga-menatra i Madagasikara.***

Araka ny efa fantatry ny maro dia notontosaina teto Antananarivo nandritra ity volana Aogositra ity ny Fihaonana an-tampony faha-45n'ny SADC, nampivondrona ireo Filoham-pirenena, Minisitra ary mpiara-miombon'antoka avy amin'ny firenena. Ny 17 Aogositra no nandray tamin'ny fomba ofisialy ny fitarihana ny SADC ny Filoham-pirenena Andry RAJOELINA.

Nandritra ny roa herinandro dia nifandimby teto an-dRenivohitra ireo fivoriana ara-teknika sy politika, ny lanonana ara-kolontsaina ary ireo hetsika ho an'ny daholobe. Nandray andraikitra mavitrika tamin'izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, notarihin-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, izay isan'ny nikarakara sy nandrindra, teo anilan'ireo minisitera rahavavy, ny asa rehetra manodidina ity Fihaonambe ity.

Isan'ny fotoana lehibe nandritra ny Fihaonamben'ireo Filoham-pirenena ny firosoana tamin'ireo karazana fanaovan-tsonia manodidina ireo lalan-kevitra hijoroan'ny SADC. Ho an'i Madagasikara manokana dia nanao sonia ny fankatoavana amin'ny fomba ofisialy ny Parlemantan'ny SADC sy ny mahakasika ny sehatry ny asa.

# TPC : Anosy-Ambatobe opérationnel

Le premier téléphérique reliant Anosy à Ambatobe, inauguré le 15 août a transformé le paysage urbain de la capitale. Construit en quelques mois, il a généré 450 emplois directs et pourra transporter chaque jour plusieurs milliers de passagers, contribuant ainsi à fluidifier la mobilité à Antananarivo.



# Le premier tronçon de l'autoroute PK0-Rovan'Ambohimanga

Au lendemain du Sommet des Chefs d'Etat, le premier tronçon de l'autoroute reliant PK0 à Rovan'Ambohimanga a été mis en service. Annoncé par le Numéreo Un malagasy, la suite de ce projet bénéficiera d'un financement de 60 millions de Dollars du Fonds de Développement d'Abu Dhabi, et s'inscrit dans la volonté du gouvernement de transformer les infrastructures pour soutenir la croissance économique.



***Teleferika Anosy–Ambatobe***

Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny 15 Aogositra, ny teleferika mampitohy an'Anosy sy Ambatobe. Olona manididina ny 450 no hahazo asa amin'ity fitaterana an-tarobia ity ary vinavinaina hitondra mpandeha an'arivony isanandro ka hanamaivana ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto an-dRenivohitra.

***Lalambe migodana PK0–Rovan'Ambohimanga***

Ny 18 Aogositra, no notokanana ny ampahany voalohany amin'ny lalambe migodana vaovao mampitohy an'Ambodifasina (PK 0) sy ny Rovan'Ambohimanga. Nanambara moa ny Filoham-pirenena nandritra ity fotoana ity fa mbola maro ireo vonona ny hamatsy vola io fotodrafitrasa io, ka isan'izany ny Fonds de Développement d'Abu Dhabi, izay hanolotra vola mitentina 60 tapitrisa dolara.



# COOPÉRATION

# TICAD 9 : le Japon et Madagascar toujours côte à côte







**La 9e Conférence internationale de Tokyo sur le développement de l'Afrique (TICAD 9) s'est tenue à Yokohama, Japan, du 20 au 22 août 2025.**

Ce rendez-vous a réuni des Chefs d'État, de Gouvernement et hauts représentants africains et japonais. La délégation malgache a été dirigée par le Premier Ministre Christian NTSAY. En marge de ce sommet, le Premier Ministre a multiplié les rencontres stratégiques avec des personnalités japonaises, tels que les dirigeants de la JETRO, Ishiguro Norihiko et de la JICA, Tanaka Akihiko, le Premier Ministre du Japon, Shigeru Ishiba, ainsi qu'une délégation de la Sumitomo Corporation et des parlementaires japonais. Les échanges ont porté sur des projets structurants pour Madagascar : la suite de l'extension du port de Toamasina afin de renforcer les échanges commerciaux, la coopération dans les énergies renouvelables, la modernisation de l'agriculture, le développement de la formation professionnelle et la promotion de l'emploi des jeunes et des femmes. Le partenariat inclut également un soutien accru aux activités d'Ambatovy. Le Japon a réaffirmé son engagement à accompagner Madagascar dans la mise en œuvre des visions et priorités définies par le Président Andry Rajoelina, en faveur d'un développement inclusif et durable. La TICAD 9, qui a pour objectif de promouvoir un développement durable en Afrique à travers la croissance économique, la paix, la sécurité et le progrès social, marque ainsi une étape déterminante pour consolider les liens entre Madagascar et le Japon, et d'ouvrir de nouvelles perspectives de coopération économique et sociale au bénéfice des deux nations.

TICAD YOKOHAMA 2025

**Co-create a Dynamic Future with Africa.**

20-22 August 2025
PACIFICO YOKOHAMA

***TICAD-9 : Mitohy ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy Japana***

Notanterahina tany Yokohama, Japana ny 20 hatramin'ny 22 aogositra 2025 lasa teo ny Fihaonambe iraisampirenenan'i Japana sy Afrika andiany faha 9 (TICAD-9), fotoana izay nihaonan'ireo Filoham-panjakana na ireo solontena ambony avy amin'ireo firenena Afrikana sy Japoney hahafahana mifanakalo ny asa mikendry ny fampandrosoana maharitra eto Afrika amin'ny fivoarana ara-toekarena, ny fandriampahalemana ary fandrosoana ara-tsosialy. Ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta NTSAY Christian moa no nitarika ny delegasiona malagasy tamin'izany.

Nifanindran-dàlana tamin'ity fivoriana ity, dia nihaona manokana tamin'ireo mpitarika ambony any Japana ny Praiminisitra NTSAY Christian. Isan'izany ny Filohan'ny JETRO, ny Filohan'ny JICA, ny Praiminisitra Japoney Shigeru Ishiba, ny Sumitomo Corporation ary ireo parlemantera japoney. Nodinihina ireo tetikasa lehibe ho an'i Madagasikara, toy ny fitohizan'ny fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina, ny fiaraha-miasa amin'ny angovo azo havaozina, ny fambolena, ny fiofanana arak'asa, ary ny fanomezana asa ho an'ny tanora sy ny vehivavy. Tafiditra ihany koa ny fanohanana ny asa ataon'ny Ambatovy. Nanamafy ny fanohanany an'i Madagasikara ny firenena japoney amin'ny fanatanterahana ny vina sy ny laharampahamehan'ny Filohan'ny Repoblika, ho amin'ny fampandrosoana maharitra.




CCI Ivato, 17 Août 2025

# La **BADEA** renforce son partenariat avec Madagascar : un financement de **80 millions USD** pour l'autoroute Antananarivo - Toamasina

La Banque Arabe pour le Développement Économique en Afrique (BADEA) confirme son appui à Madagascar dans le domaine des infrastructures routières. En visite officielle pour la première fois dans la Grande Île, son nouveau président, Abdullah ALMUSAIBEEH, a réaffirmé auprès du Ministre de l'Économie et des Finances, Rindra Hasimbe RABARINIRINARISON, la volonté de l'institution d'accompagner le pays dans ses projets structurants. Il a également exprimé son intention de revenir pour explorer d'autres opportunités de collaboration.

Au cœur de cette coopération figure la construction de l'autoroute Antananarivo -Toamasina.
Au-delà de ce chantier majeur, la BADEA soutient déjà plusieurs autres projets d'envergure : la construction d'un tronçon de la RN5 entre Soanierana Ivongo et Vahibe (dont l'achèvement est prévu l'année prochaine), le pont de Mangoky, ainsi que les Fly Over d'Anosizato et d'Andohatapenaka, pour lesquels les appels d'offres sont en cours.

Ces financements à la fois concrets et stratégiques devraient contribuer à améliorer la mobilité, stimuler l'économie nationale, et soutenir la croissance régionale.

### *Madagasikara - BADEA : Famatsiam-bola sy fiaraha-miasa stratejika*

Nanao fisidihana teto Madagasikara Filohan'ny Banky Arabo ho an'ny Fampandrosoana an'i Afrika na ny BADEA, Andriamatoa Abdullah ALMUSAIBEEH. Io no fitsidihana voalohany nataony amin'ny maha Filohan'ny BADEA azy. Tamin'izany no nijereny ireo fiaraha-miasa misy amin'ny roa tonta. Nihaona manokana tamin-dRamatoa Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola moa izy tamin'izany, ka nanamafy ny fiaraha-miasa manoloana ny lalam-be migodana voalohany eto Madagasikara.

Noresahina tamin'izany ihany koa ireo tetikasa rehetra izay vatsin'ny BADEA vola, toa ny fanamboarana ny ampahany amin'ny lalam-pirenena faha 5 izay vinavinaina ho vita amin'ny taona ho avy, ny fanamboarana ny tetezan'i Mangoky, ary ny "Fly Over" Anosizato, sy "Fly Over" Maki.

Nilaza moa izy fa mbola hiverina hijery ireo fiaraha-miasa mbola afaka ataon'ny roa tonta.

# Madagascar - BAD : Une coopération solide



Le Directeur Général en charge des infrastructures au sein de la Banque Africaine de Développement (BAD), Monsieur Kennedy MBEKEANI, a assisté à la conférence de la SADC tenue à Madagascar.
Ce déplacement lui a permis de rencontrer la Ministre de l'Économie et des Finances, Madame Rindra Hasimbelo RABARINIRINARISON, pour discuter des enjeux liés aux infrastructures, un secteur clé en plein développement à Madagascar.


Conscient de la volonté de Madagascar de développer davantage ses infrastructures, il a réaffirmé l'engagement de la Banque à participer à la construction de l'autoroute reliant Antananarivo à Toamasina, en complément des initiatives déjà engagées dans l'énergie et à l'approvisionnement en eau, ainsi que plusieurs autres projets déjà pris en charge par la BAD. La Banque enverra ainsi une délégation spéciale chargée de lancer les échanges concernant ce projet d'infrastructure d'envergure.

Il faut souligner que la Banque Africaine de Développement soutient Madagascar à travers des financements non remboursables, dont :
- 1 million de dollars pour appuyer la révision de la loi sur le Partenariat Public-Privé (PPP) et mettre en place des mécanismes de financement adaptés au contexte actuel.
- 1 million de dollars pour promouvoir l'autonomisation des femmes et encourager leur participation à la prise de décision.
- 12,72 millions de dollars pour renforcer la résilience face aux catastrophes naturelles.

### *Madagasikara - BAD : Fiaraha-miasa mafy orina*

Tonga nanatrika ny fihaonamben'ny SADC teto Madagasikara ny Tale Jeneraly misahana ny fotodrafitrasa eo anivon'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD), Andriamatoa Kennedy K. Mbekeani.
Nahafahany nihaona tamin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo izany, niresahana momba ireo fotodrafitrasa eto Madagasikara.
Nahatsapa ny finiavan'i Madagasikara hanitatra sy hampivelatra hatrany ny fotodrafitrasany ihany koa izy, ka nanamafy indray ny fanoloran-tenan'ny Banky handray anjara amin'ny fanamboarana ny lalambe migodana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, ankoatran'ireo tetikasa efa natomboka eo amin'ny sehatry ny angovo sy ny famatsian-drano, ary koa ireo tetikasa maro hafa izay tohanan'ny BAD. Handefa delegasiona manokana ny Banky mba hanomboka ny fifanakalozan-kevitra mikasika ity tetikasa goavana ity.

Tsiahivina fa ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana dia manohana hatrany an'i Madagasikara amin'ny alàlan'ny famatsiam-bola tsy averina, izay mitentina :
- 1 tapitrisa dolara hanampiana amin'ny fanovàna ny lalànan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Sehatra Miankina sy tsy Miankina amin'ny fanjakana (Partenariat Public Privé) sy hametraka fomba fitadiavam-bola manaraka ny toe-trandro.
- 1 tapitrisa dolara ho fanampiana ireo vehivavy hahasahy andray andraikitra sy handray fanapahan-kevitra.
- 12,72 tapitrisa dolara ho an'ny fanamafisana ny fiantrehana ny loza ara-boajanahary.





# L'intelligence artificielle au service de la modernisation de la Finance Publique à Madagascar

La transformation numérique mondiale, portée par l'intelligence artificielle (IA), redéfinit profondément la finance publique en s'inspirant de modèles pionniers comme Singapour, dont la réussite repose sur une vision stratégique, un cadre juridique adapté et une gouvernance de confiance. À travers sa stratégie "Smart Nation" et l'initiative NAIS, ce modèle démontre l'importance d'une approche intégrée alliant talents, infrastructures robustes et innovation responsable. Dans cette même dynamique, notre ministère inscrit l'IA au cœur de ses réformes afin d'améliorer la gestion budgétaire, renforcer la détection des anomalies et offrir aux décideurs publics des outils analytiques performants. L'objectif est de bâtir une finance publique transparente, efficace et résiliente, capable de répondre aux défis actuels et futurs avec agilité et vision à long terme.

Dans ce cadre, la **Direction Générale des Impôts** (DGI) intègre progressivement l'intelligence artificielle dans le Système d'Administration Fiscale Intégré (SAFI). L'objectif est de détecter les comportements fiscaux à risque, d'orienter automatiquement les contrôles et d'automatiser les prévisions de recettes. En parallèle, un projet d'assistant fiscal intelligent est en cours de développement. Alimenté par des données fiables issues des rescrits fiscaux, manuels de procédures et conventions, cet outil offrira aux agents comme aux contribuables des réponses rapides, contextualisées et fiables. Cette innovation contribuera à renforcer l'efficacité, la transparence et la qualité du service public.

La **Direction Générale des Douanes** (DGD) évolue également dans ce sens à travers la digitalisation et la coopération internationale. Sa participation au Borders in Globalization Summer Institute (BIG) à l'Université de Victoria, au Canada, a mis en lumière les réformes engagées : automatisation des procédures, renforcement des capacités humaines et techniques, amélioration des dispositifs de contrôle et collaboration accrue avec les partenaires régionaux et internationaux. Ces initiatives renforcent la mobilisation des recettes publiques, soutiennent les opérateurs économiques et améliorent la compétitivité nationale.

La **Direction Générale du Trésor** (DGT) a, de son côté, franchi une étape significative en organisant, le 4 août 2025 à l'IKM Antsahavola, une session de formation sur l'IA et la transformation digitale, réunissant plus de 140 agents, dont 100 à distance. Cette initiative illustre l'application concrète de l'IA dans les services publics, notamment à travers les paiements numériques, la lutte contre la fraude et l'optimisation des systèmes existants tels que le SIIGFP, le SIG Dette et le SIGOC. L'objectif est de construire une administration moderne, agile et résiliente, où la donnée devient un atout stratégique pour anticiper, décider et agir avec efficacité et transparence.

En conjuguant innovation numérique, intelligence artificielle et réforme des administrations financières, Madagascar affirme sa volonté de moderniser sa gouvernance économique et de s'inscrire pleinement dans les dynamiques internationales de coopération et de transformation digitale.

Efa mandroso amin'ny fampidirana ny ilontsaina artifisialy (IA) sy ny fanavaozana nomerika ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, mba hanatsarana sy hampangarahara ny fitantanam-bola eto Madagasikara. Ao anatin'ity fanavaozana ity, dia efa niroso ireo Foibem-pitondrana Ankapobeny eto anivon'ny Ministera, manatanteraka dingana mivaingana amin'ny fampiharana izany fanavaozana izany.

Ny **Foibempitondrana ankapoben'ny Hetra** (DGI) dia mampiditra tsikelikely azy io ao amin'ny Système d'Administration Fiscale Intégré (SAFI) mba hamantarana mialoha ireo olana mety hiseho amin'ny hetra, hanamora ny fitsirihana antontan-taratasy, ary hanatsara ny faminaniana ny vola miditra.

Ny **Fadintseranana** ihany koa dia mandray anjara amin'ny fanavaozana nomerika sy fiaraha-miasa iraisam-pirenena, amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fahaizan'ireo mpiasa ao aminy, ny rafitra fanaraha-maso ary ny fifandraisana amin'ireo mpiara-miombon'antoka, araky ny fandraisany anjara tao amin'ny Borders in Globalization Summer Institute (BIG) tao amin'ny Oniversiten'i Victoria, any Kanada.

Ny **Tahirimbolam-panjakana** indray, dia nanatanteraka fivoriana fiofanana momban'izany IA izany sy ny fanovàna nomerika ho an'ny mpiasa mihoatra ny 140, mampiseho ny fampiharana mivantana ny IA eo amin'ny tolotra ampahibemaso, toy ny fandoavana nomerika, ady amin'ny kolikoly ary fanatsarana ny rafitra efa misy.

Marihina fa ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, dia mampiseho ny fahavononana hanavao ny fitantanana ara-toekarena sy ara-bola, ho mangarahara, haingana ary maharitra, ary handray anjara mavitrika amin'ny fanovàna nomerika iraisam-pirenena.

